

FAMPIANARANA PRATIKA NY SORATRA MASINA

Ny fanalahidin'ny Valimbavaka, ny Fitahiana, ny lanitra

Ahoana no hahatongavan' izany aminao?

Misy fanontaniana maromaro eto ambany koa tsara raha mila masiaka @ tenanao ianao eo ampamaliana izany

N°	Hoy ny Baiboly	Fanontaniana mila valiny mahitsy	VALINY		
			A	B	C
1	II TAN 7:14	Iananao ve ny FANETRE-TENA?	Eny	Tsy haiko	Tsia
2	II TAN 7:14	Fanaonao ve ny mandohalika rehefa hivavaka?	Eny	Indraindray	Tsia
3	II TAN 7:14	Mitady an'A/tra marina ve ianao?	Eny	Tsy haiko	Rehefa mafy ady ihany
4	II TAN 7:14	Efa nialanao daholo ve ny ratsy fanaonao?	Daholo	Mbola misy kely	Olombelona ihany e!
5	Oha 11:25 Mar 10:28-30	Inona no mba nafaoinao ho an'ny Tompo?	Ny tenako	Vola, fotoana	Ny oloko
6	Oha 13:3	Voafehinao ve ny teny aloaky ny vavanao?	Eny	Indraindray	Olombelona ihany e!
7	I Kor 9:16	Mitory filazantsara andavanandro ve ianao?	Eny	Indraindray	Olombelona ihany e!
8	Malakia 3: 8-10	Mahavatra manatitra fahafolonkarena ve hianao?	Eny	Raha misy azo atao	Tsy raharahako
9	Mat 28: 18-20 Oha 16: 3	Manana planina fitoriana filazantsara ve hianao?	Eny	Mila mpanolotsaina	Tsy mahavelona izany
10	Jao 10: 27	Efa mba nanontany tena ve ianao rehefa hanao asa iray hoe: " Inona re no ho fihetsik'i Jesosy raha IZY no eto @ toerako?"	Eny	Mbola tsy nanandrana	Sarotra be
11	Jak 2: 14-26 Apok 22: 15	Tsapanao tokoa ve fa raha tsy arahana'asa ny finoana dia maty?	Eny	Indraindray	Sarotra be
12	Oha 28:20	Raha anankinana asa hianao, afaka mandry ivohon'ny vato ve ny olona?	Eny	Saotra be	Tsy izaho irery
13	II Kor 3: 14-17	Mikatso maharitra ny tetikasa ataonao , mahakivy. Miandry hianao, mikaroka vahaolana, mbola eo ihany. Fantatrao ve ny tokony ataonao?	Fantatro: mivavaka sy mibebaka aho	Tsy haiko, inona no atao?	Mila miasa tsara ity lohako ity
14	Hebreo 4: 16	Manana fahasahiana hanatanteraka @ asa izay teny voaray @ valimbavaka ve hianao?	Eny	Hanandrana	Resaka adala izany
15	Oha 10:22 Mat 6:33	Inona no tena mampanankarena?	Tahotra an'A/tra	Fahaizana, fahefana	Hafetsena
16	Salamo	Mila midera an' Andriamanitra isan'andro	Isan'andro	Indraindray	@ Noely sy ny fety lehibe
17	Mat 22: 32	Momba ny fomban-drazana sy ny fitaizan'olombelona: misy ny tsara sy ny ratsy. Mamikotra tanteraka aminy ve ianao?	Tsia, hialàko ny ratsy	Haka saina tsara	Tsy miala @ mahazatra aho
18	Jao 3:3	Ny fahateraham-baovao no lalana tokana hidirana any an-danitra. Efa ao ve ianao?	Eny havaoziko isan'andro	Tsy haiko loatra	Sarotra be izany
19	Mar 10: 28 -30 Mat 11:28	Manana alahelo amin'olona ve ianao?	Efa afaka	Mbola manana	Olombelona ihany e!

20	Jak 4:7	Mandroaka devoly ny trano onenanao ve ianao?	Isan'andro	Rehefa misy olana	Tsy misy ilàna izany
21	Eks 34:7	Misy takaitra / kilema / tranga miverimberina eo anivon'ny fianakaviana iray (Oh: tokantrano tsy mety, tsy vanona asa, aretina manaranaka sns....) Ozona mila tapahina izany	Vonona @ izany aho	Toroy aho	Samy mandeha samy mitady
22	Jak 4:3 Asa 1:8 Mat 28:19-20	Mivavaka ve ianao ho amin'ny filanao fotsiny sa ho an'ny famonjena ny fanahinao sy ho famahana ny ondry very?	Famonjena ny fanahy	Mifamahofaho	Filàna
23	Sal 66:12	Henjehin'ny olona ve hianao satria fifohazana mafana fo? Tena hitsahiny @ loha mihitsy indraindray!	Eny	Indraindray	Tsy misy manenjika
24	Mat 22:29 Jao 6:37	Raha misokatra ny masom-panahinao ka hitanao fa misy tsy mifanaraka @ Baiboly ny ataonao; vonona hiova ve ianao?	Eny	Handalina tsara	Tsy miala @ mahazatra
25	Mat 5:23-24	Ananan'ny olona alahelo ve ianao?	Tsy dia fantatro	Eny	Tsy raharahako izany
26	Rom 10:10 II Tim 1:8	Mamporisika anao hijoro vavolombelona ny Tompo. Atao @ fahendrena izany ary feno ny Fanahy Masina	Ekeko tokoa	Efa an-dalana @ izany	Mbola hodinihana izany
27	Gal 2:20	Hitan'ny olona ao aminao ve Jesosy Kristy? (@ fiteny, fiakanjo, fihetsika....) sa mitovy @ njetilisa ihany ianao?	Eny	Efa mba miezaka	Sarotra be, ho hita eo e!
28	Lev 19:18 Mat 5:8	Mifanena aminao ilay manana ady (na ilay tsy mifankazo) aminao: inona no ho fihetsikao?	Mandray tãnana azy	Midobodoboka ny foko, mihanahana	Miampita arabe, midify azy
29	Sal 4:4a Gal 1:10	Rehefa tezitra ianao dia manao teny mahery ve? Heverinao fa ny be feo ve no hatahoran'ny fiarahamonina sy hanovana ny toetran'izay diso?	Tsy mety izany	Indraindray	Mandairra izany
30	Oha 8:33 Jer 6:8	Raha misy milaza aminao ny tsy mety ataonao dia mety ho sosotra ve ianao?	Zarako aza misy manitsy	Sao mba tsy izaho izany?	Samy lehibe mahay Baiboly e !
31	Sal 141:3 Jak 3:5-10 Oha 29:20	Mbola haingam-bava ve hianao?	Tsia	Indraindray	Eny
32	Mat 6:33	Inona no katsahinao marina @ fiainana?	Jesosy mitondra fiainana	Zavatra entin'i Jesosy	Ela loatra
33	Mat 22: 29	Raha mbola ivelan'ny sehatra fiainana nomanin' A/tra hiasanao ianao, dia ho sahirana foana ary tsy hahomby mihitsy	Efa fantatro sy iainako	Mila tolo-tsaina aho	Ny saiko no mitondra ahy

Fomba handraisana ny dikan'ny valim-panontaniana tsirairay:

- **Valiny A:** Efa mety, mahereza mandalina ary mandehana @ lalindalina kokoa (Lio 5:4)
- **Valiny B:** Ibebaho tsirairay fa efa akaiky anao ny valimbavaka
- **Valiny C:** Mandiniha tena, io no sakana @ fandraisanao valimbavaka

Rehefa vitanao ny fibebahana (B) ary efa nandinika tsara hianao ka nibebaka (C) dia avereno indray ny mamaly ny fanontaniana rehetra. Raha mbola misy (B) na (C) tavela @ izay dia aza amelana raha tsy (A) avokoa. Aorianan'izay fotoana izay dia hosokafan'ny Tompo aminao varavaran' ny lanitra androtsahany fitahiana manana amby ampy ho anao